# MIAINA NY FOTOANA ANKEHITRINY AM-PITIAVANA ( Mt.6,34)



**Mandeha any amin'ny fonja indray mandeha isan-kerinandro aho ary indraindray indroa arakaraka ny fankalazana litorjika. Anisan'ny ekipa pastôraly aho miaraka amin'ny mpiandraikitra ara-panahin'ny fonja. Mifampizara ny hafaliana sy ny alahelo izahay ao anatin'io vondrona io.**

**Eto dia samy mangetaheta fahafahana daholo ireo voafonja, mijaly izy ireo noho ny tsy fahitany ireo tapaka sy namany izay araka ny maha-olona sy ara-boajanahary satria isika noharian'Andriamanitra tamin'ny alàlan'ny fitiavana sy ny fahafahana. Miaina ny fotoana ankehitriny ao anatin'ny fitiavan'Andriamanitra dia manova ny fisian'ireo voafonja izay mandray anjara amin'ny fandalinam -pinoana sy ireo sahan'asa anaovan'izy ireo asa tànana. Asa natao hameno ny fotoana ary ihany koa fianarana asa hanampy azy hivelona amin'ny ho avy.**

**Niaina ny Herinandro Masina izahay tao anaty fahanginana sy vavaka : làlan'ny hazofijaliana tamin'ireo làlana tao anatin'ny toerana ihany.Ny voafonja tsirairay dia samy nanamboatra ny hazofijaliany izay nampiombom-pijaliana azy ireo amin'ny an'i Kristy izay mampianatra azy ireo hi-tia ambonin'ny zava-drehetra. Nankalazaina tao anatin'ny hafaliana sy ny fanantenana ny Sorona Masin'ny Fitsanganan'ny Tompo ho velona.**

**Izay ny fandraisana anjarako miaraka amin'ireo rahalahy tsy manam-pahafahana. Ataoko toy ny tolotra nataon'ilay vehivavy mpitondra tena ao amin'ny Evanjely.Matoky ny fahamendrehana maha-olona aho ary mino ny Fitiavana Mamindra fon'i Jesoa Kristy ho an'ny isam-batan'olona.**

**Masera Mirella, Graneros (CHILI)**